



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**MILA FANKATOAVANA NY ANTSON'NY TOMPO ANDRIAMANITRA**  
**IL FAUT OBEIR A L'APPEL DU SEIGNEUR DIEU**

Alatsinainy 18 mey 2020  
Lundi 18 mai 2020

**FANOMBOHANA - OUVERTURE**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu : Gen. 12, 1 :**

Hoy ny Tompo : « Mandehana miala amin'ny taninao sy ny havanao ary ny tranon'ny rainao hankany amin'ny tany izay hasehoko anao ». Amen !

*Le Seigneur dit : « Quitte ton pays, ta patrie et ta famille et va dans le pays que Je te montrerai ». Amen !*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :**

**Hira (Chant) chorale :** Andeha hiaraka hihaino hira chorale iray isika - *Je vous propose d'écouter un chant chorale pour commencer : NY FITIAVANA (CU 2014).*

**Teny fampidirana – Introduction :**

- Ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy i Jesosy Kristy Tompo. Amen – *Que la Grâce et la Paix vous soient données de la part de Dieu notre Père et de Jésus-Christ le Seigneur. Amen !*
- Hibanjina ny amin'ny fankatoavana ny Antson'ny Tompo isika androany. Ny tantaran'i Abrahama no hiaingantsika amin'izany – *Je vous propose de méditer aujourd'hui sur l'obéissance à l'Appel du Seigneur. Notre point de départ sera l'histoire d'Abraham.*
- Maromaro ny Tenin'Andriamanitra ho vakiana amintsika androany mba hahazoantsika manaraka tsara izany tantara izany. Mety hisy aza Teny tsy mitantara mivantana ny momba an'i Abrahama fa araho tsara ny vakiteny mba hahazoanao mora foana izay ho lazaina – *Plusieurs textes bibliques seront lus aujourd'hui pour nous permettre de bien suivre l'histoire. Il y aura, peut-être même, des textes qui ne parleront pas*

*directement d'Abraham. Je vous conseille de bien écouter la lecture de ces textes afin de pouvoir suivre facilement les développements que nous en ferons.*

- Hiditra avy hatrany amin'ny Fizaràna voalohany àry isika izao ka ho vakiana amintsika ny Gen. 12, 1 / Asa. 26, 12-18 / Jao. 21, 15-17 – *Entrons immédiatement dans la première Partie de notre séance par la lecture de Gen. 12, 1 / Actes 26, 12-18 / Jean 21, 15-17.*

## FIZARANA 1 – PARTIE 1

### Teksta 1 – Texte 1 : Gen. 12, 1 + Asa. (Actes) 26, 12-18 + Jao. (Jean) 21, 15-17 :

Genesisy (Genèse) 12, 1 :

1 Ary hoy Ny TOMPO tamin'i Abrama : « Mandehana miala amin'ny taninao sy ny havanao ary ny tranon'ny rainao hankany amin'ny tany izay hasehoko anao »

*1 L'Eternel dit à Abram : « Quitte ton pays, ta patrie et ta famille et va dans le pays que Je te montrerai »*

Asa. 26, 12-18 :

12 Ary tamin'izany, raha nankany Damaskosy aho, nitondra fahefana sy teny izay efa azoko tamin'ny lohan'ny mpisorona, 13 koa nony ilay nitatao-vovonana iny ny andro, nisy mazava avy tany an-danitra nanelatrelatra manodidina ahy mbamin'izay niaraka tamiko mihoatra noho ny famirapiratra ny masoandro. 14 Ary rehefa lavo tamin'ny tany izahay rehetra, dia nandre feo nilaza tamiko aho nanao tamin'ny teny Hebreo hoe : « Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy ? Zavatra sarotra aminao ny hanipaka ny fanindronana ». 15 Dia hoy izaho : « Iza moa lanao, Tompoko » ? Ary hoy ny Tompo : « Izaho no Jesosy, izay enjehinao. 16 Fa mitsangàna, ka mijoroa amin'ny tongotrao, fa izao no nisehoako taminao, dia ny hanendry anao ho mpanompo sy ho vavolombelona ny amin'izay efa nahitanao Ahy, sy izay hisehoako aminao, 17 hamonjy anao amin'ny olona Isiraely sy ny jentilisa, izay anirahako anao, 18 hampahiratra ny masony hialany amin'ny maizina ho amin'ny mazava, ary amin'ny fahefan'i Satana ho amin' Andriamanitra, mba hahazoany famelan-keloka sy lova eo amin'izay nohamasinina noho ny finoana Ahy.

*12 C'est ainsi que je me suis rendu à Damas avec les pleins pouvoirs et un mandat des chefs des prêtres. 13 Vers le milieu du jour, roi, alors que j'étais en chemin, j'ai vu resplendir autour de moi et de mes compagnons de route une lumière venant du ciel, plus éblouissante que le soleil. 14 Nous sommes tous tombés par terre et j'ai entendu une voix qui me disait en langue hébraïque : 'Saul, Saul, pourquoi me persécutes-tu ? Il te serait dur de te rebeller contre les aiguillons'. 15 J'ai répondu : 'Qui es-tu, Seigneur' ? Et le Seigneur a dit : 'Je suis Jésus, Celui que tu persécutes. 16 Mais lève-toi et tiens-toi debout, car Je te suis apparu pour faire de toi le serviteur et le témoin de ce que tu as vu et de ce que Je te montrerai. 17 Je t'ai choisi du milieu de ce peuple et des non-Juifs, vers qui Je t'envoie. 18 Je t'envoie leur ouvrir les yeux pour qu'ils passent des ténèbres à la lumière et de la puissance de Satan à Dieu, pour qu'ils reçoivent, par la foi en Moi, le pardon des péchés et une part d'héritage avec les saints ».*

## Jaona 21, 15-17 :

15 Ary rehefa nisakafo izy, dia hoy i Jesosy tamin'i Simona Petera : « Simona, zanak'i Jaona, moa ny fitiavanao Ahy mihoatra noho ny fitiavan'ireto » ? Hoy izy taminy : « Eny, Tompoko; Ianao mahalala fa tia Anao aho ». Dia hoy Izy taminy : « Fahano àry ny ondrikeliko ». 16 Hoy indray izy taminy fanindroany : « Simona, zanak'i Jaona, moa tia Ahy va ianao » ? Dia hoy izy taminy : « Eny, Tompoko, Ianao mahalala fa tia Anao aho ». Dia hoy Izy taminy : « Andraso àry ny ondriko ». 17 Hoy Izy fanintelony : « Simona, zanak'i Jaona, moa tia Ahy va ianao » ? Dia nalahelo i Petera satria Izy nanao intelo taminy hoe : « Moa tia Ahy va ianao » ? Ka hoy izy taminy : « Tompoko, Ianao mahalala ny zavatra rehetra; fantatrao fa tia Anao aho. Hoy Jesosy taminy : « Fahano ary ny ondriko ».

*15 Lorsqu'ils eurent mangé, Jésus dit à Simon Pierre : « Simon, fils de Jonas, M'aimes-tu plus que ceux-ci » ? Il lui répondit : « Oui, Seigneur, Tu sais que j'ai de l'amour pour Toi ». Jésus lui dit : « Nourris mes agneaux ». 16 Il lui dit une deuxième fois : « Simon, fils de Jonas, M'aimes-tu » ? Pierre lui répondit : « Oui, Seigneur, Tu sais que j'ai de l'amour pour Toi ». Jésus lui dit : « Prends soin de mes brebis ». 17 Il lui dit, la troisième fois : « Simon, fils de Jonas, as-tu de l'amour pour Moi » ? Pierre fut attristé de ce qu'Il lui avait dit, la troisième fois : « As-tu de l'amour pour Moi » ? Et il lui répondit : « Seigneur, Tu sais tout, Tu sais que j'ai de l'amour pour Toi ». Jésus lui dit : « Nourris mes brebis ».*

## **Toriteny 1 : – Prédication 1 : Ny fahatongavan'ny Antson'ny Tompo – L'initiative de l'appel de Dieu :**

### **Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :**

- ho an'ny ankohonana - *pour le foyer* : mba – *pour que* :
  - hanaikeny fa Ny TOMPO no misafidy izay tiany hanompo Azy – *chaque membre accepte que c'est le SEIGNEUR qui choisit qui Il veut pour Le servir*
  - hihainoany ny Antson'Andriamanitra miantefa aminy – *chacun écoute l'Appel de Dieu à son intention*
- ho an'ny vahoaka malagasy – *pour le peuple malgache* : mba – *pour que* :
  - tsy ho tratry ny hakiviana noho ny fisian'ny olona namoy ny ainy noho ny Covid-19 fa mba hibebehany ka hiantorahany amin'i Jesosy Tompo Mpamonjy – *il ne se laisse pas gagner par le découragement à cause du premier décès du Covid-19 mais qu'il se repente afin de pouvoir espérer le Salut en Jésus-Christ*
  - tsy ho rendrika ao anatin'ny ady maro atrehina izy fa hitraka ny tsirairay ka hibanjina ny Hazo-Fijalian'i Jesosy Kristy mba hahazoany Famonjena – *il ne soit pas submergé par les luttes de toutes sortes mais que chaque citoyen puisse relever la tête pour voir la Croix de Jésus-Christ afin de bénéficier du Salut*

### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

#### **Hira (Cantique) 765, 1-2 : Henoy ny Antson'ny Tompo :**

1. Henoy ny antson'ny Tompo : iza no ho irakay ?  
Vonon-kandeha sy hanompo, hiasa an-tany hay ?  
Adidy sarotr'efaina, asa mangetana re

- Mety handritra ny aina : iza no vonona e ?
2. Tsy didy miendrika baiko nefa mahery tokoa  
Nanindry mafy ny saiko ny Antsonao, Tompo soa.  
Satriko lavina, anefa manery ahy hanoa,  
Any am-po no miantefa ny ako, onjany koa.

## FIZARANA 2 – PARTIE 2

**Teksta 2 – Texte 2 : Gen. 12, 2-3 / Gen. 13, 14-17 / Gen. 15, 4-7 + 18-21 / Gen. 16, 9-10 / Gen. 17, 1-8 + 15-22 :**

### Genesisy 12, 2-3 :

2 « dia hahatonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao, ary ho fitahiana tokoa ianao. 3 Ary hitahy izay manisy soa anao Aho fa hanozona izay manozona anao. Ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany ».

*2 « Je ferai de toi une grande nation, Je te bénirai, Je rendrai ton nom grand et tu seras une source de bénédiction. 3 Je bénirai ceux qui te béniront et Je maudirai ceux qui te maudiront, et toutes les familles de la terre seront bénies en toi ».*

### Genesisy 13, 14-17 :

14 Ary Ny TOMPO niteny tamin'i Abrama taorian'ny nisarahan'i Lota taminy ka nanao hoe : « Atopazy ny masonao, ka hatramin'ity tany itoeranao ity, dia mitazana mianavaratra sy mianatsimo ary miantsinanana sy miankandrefana : 15 fa ny tany rehetra izay tazanao dia homeko anao sy ny taranakao mandrakizay. 16 Ary hataoko maro tahaka ny vovotany ny taranakao : koa raha misy olona mahisa ny vovo-tany, dia ho azo isaina koa ny taranakao. 17 Miaingà ianao, mandehana mitety ny tany, dia any amin'ny lavany sy any amin'ny sakany : fa homeko anao izy ».

*14 L'Eternel dit à Abram, après que Lot se fut séparé de lui : « Lève les yeux et, de l'endroit où tu es, regarde vers le nord et le sud, vers l'est et l'ouest. 15 En effet, tout le pays que tu vois, je te le donnerai à toi, ainsi qu'à ta descendance pour toujours.*

*16 Je rendrai ta descendance pareille à la poussière de la terre, de sorte que, si quelqu'un peut compter la poussière de la terre, ta descendance aussi sera comptée . 17 Lève-toi et parcours le pays dans sa longueur et dans sa largeur, car Je te le donnerai ».*

### Genesisy 15, 4-8 + 18 :

4 Ary, indro, ny Tenin'Ny TOMPO tonga taminy hoe : « Tsy handova anao izany [Eleazara izany] fa izay haterakao, dia izy no handova anao ». 5 Dia nitondra azy nivoaka teo ivelan'ny lay Izy ka nanao hoe : « Jereo ange ny lanitra, ka isao ny kintana, raha mahisa azy ianao ». Dia hoy Izy taminy : « Ho tahaka izany ny taranakao ». 6 Ary nino Ny TOMPO izy ka dia nisainy ho fahamarinany izany. 7 Ary hoy Izy taminy : « Izaho no Ny TOMPO, izay nitondra anao nivoaka avy tany Oran'ny Kaldeana, mba homeko anao ity tany ity ho lovanao. 8 Ary homeko anao sy ny

taranakao any aorianao ny tany fivahiniana, dia ny tany Kanana rehetra, ho fananana mandrakizay, ary ho Andriamaniny Aho ».

*4 Alors l'Eternel lui adressa la Parole : « Ce n'est pas [Eléézer] qui sera ton héritier, mais bien celui qui naîtra de toi ». 5 Après l'avoir conduit dehors, Il dit : « Regarde vers le ciel et compte les étoiles, si tu peux les compter ». Il lui affirma : « Telle sera ta descendance ». 6 Abram eut confiance en l'Eternel, qui le lui compta comme justice. 7 L'Eternel lui dit encore : « Je suis l'Eternel qui t'ai fait sortir d'Ur en Chaldée pour te donner ce pays en possession. 8 Je te donnerai, à toi et à tes descendants après toi, le pays où tu séjournes en étranger, tout le pays de Canaan; il sera leur propriété pour toujours et je serai leur Dieu ».*

18 Tamin'izany andro izany Ny TOMPO nanao Fanekena tamin'i Abrama ka nanao hoe : « Ny taranakao efa nomeko ity tany ity hatrany amin'ny onin'i Egypta ka hatrany amin'ny ony lehibe, dia ny ony Eofrata ».

*18 Ce jour-là, l'Eternel fit Alliance avec Abram en disant : « C'est à ta descendance que Je donne ce pays, celui qui va du fleuve d'Egypte jusqu'au grand fleuve, jusqu'à l'Euphrate ».*

#### Genesisy 16, 9-10 :

9 Ary hoy Ilay Anjelin'Ny TOMPO tamin'[i Hagara] : « Miverena any amin'ny tompovavinao ka miareta izay ataony aminao ». 10 Ary hoy koa Ilay Anjelin'Ny TOMPO taminy : « Hataoko maro indrindra ny taranakao, ka tsy ho azo isaina izy noho ny hamaroany ».

*9 L'ange de l'Eternel lui dit : « Retourne vers ta maîtresse et humilie-toi sous son pouvoir ». 10 Puis l'ange de l'Eternel lui affirma : « Je multiplierai ta descendance. Elle sera si nombreuse qu'on ne pourra pas la compter ».*

#### Genesisy 17, 1-7+ 15-22 :

1 Ary rehefa sivy amby sivi-folo taona Abrama, dia nisehoan'Ny TOMPO izy ka nitenenany hoe : « Izaho no Andriamanitra Tsitoha : mandehana eo anatrehako ka aoka ho tsy misy tsiny ianao. 2 Fa izaho hanao ny fanekeko ho Amiko sy ho aminao ary hahamaro anao indrindra ». 3 Dia niankohoka Abrama. Ary Andriamanitra niteny taminy ka nanao hoe : 4 « Raha ny Amiko, dia, indro, aminao ny Fanekeko, ka ho tonga rain'ny firenena maro ianao. 5 Ary ny anaranao tsy hatao hoe Abrama intsony, fa hatao hoe Abrahama satria efa nataoko ho rain'ny firenena maro ianao. 6 Dia hahamaro ny taranakao indrindra Aho, ka hataoko ho firenena maro ianao. Ary hisy mpanjaka hiseho avy aminao. 7 Ary haoriko ny Fanekeko ho Amiko sy ho aminao mbamin'ny taranakao mandimby anao hatramin'ny taranaka fara mandimby, ho Fanekena mandrakizay, mba ho Andriamanitrao sy ny taranakao mandimby anao Aho.

*1 Lorsque Abram fut âgé de 99 ans, l'Eternel apparut à Abram et lui dit: «Je suis le Dieu tout-puissant. Marche devant moi et sois intègre. 2 J'établirai mon alliance entre moi et toi, et je te multiplierai considérablement ». 3 Abram tomba le visage contre terre, et Dieu lui dit: 4 «Voici quelle est mon alliance avec toi. Tu deviendras le père d'un grand nombre de nations. 5 On ne t'appellera plus Abram, mais ton nom*

*sera Abraham, car Je te rends père d'un grand nombre de nations. 6 Je te ferai beaucoup proliférer, Je ferai de toi des nations et des rois seront issus de toi. 7 J'établirai mon Alliance entre Moi et toi, ainsi que tes descendants après toi, au fil des générations : ce sera une Alliance perpétuelle en vertu de laquelle Je serai ton Dieu et celui de ta descendance après toi.*

15 Dia hoy Andriamanitra tamin'i Abrahama : « Ny amin'i Saray vadinao, dia tsy mba hataonao Saray intsony ny anarany, fa Saraha no ho anarany. 16 Ary hitahy azy Aho ka hampanana azy zazalahy ho anao. Eny, hitahy azy Aho, ka ho tonga firenena maro izy. Ary hisy mpanjakan'ny firenena maro avy aminy ». 17 Dia niankohoka Abrahama ary nitsiky, dia nanao anakampo hoe : « Hiteraka va aho izay efa zato taona ? Ary hiteraka va Saraha izay efa sivi-folo taona ? 18 Ary hoy i Abrahama tamin'Andriamanitra : « Enga anie ka Isimaela no ho velona eo anatrehanao » ! 19 Ary hoy Andriamanitra : « Tsia, fa i Saraha vadinao hiteraka zazalahy aminao, ary ny anarany dia hataonao hoe Isaka. Ary ny Fanekeko haoriko aminy ho Fanekena mandrakizay ho an'ny taranany mandimby azy. 20 Ary ny amin'Isimaela, dia efa nihaino anao Aho : indro, efa nitahy azy Aho ka hahamaro ny taranany sy hampitombo azy indrindra. Hiteraka andriana roa ambin'ny folo izy satria efa notendreko ho firenena lehibe. 21 Nefa ny fanekeko haoriko amin'Isaka. izay haterak'i Saraha aminao raha avy ny taona toy izao ». 22 Ary rehefa vita ny teny nataony taminy, dia niakatra Andriamanitra niala teo amin'i Abrahama.

*15 Dieu dit à Abraham : « Quant à ta femme Sarai, tu ne l'appelleras plus Sarai, car son nom est Sara. 16 Je la bénirai et Je te donnerai même un fils à travers elle. Je la bénirai et elle donnera naissance à des nations. Des rois seront issus d'elle ». 17 Abraham tomba le visage contre terre, il rit et dit dans son cœur : « Un fils pourrait-il naître d'un homme de 100 ans ? Et Sara, âgée de 90 ans, pourrait-elle mettre un enfant au monde » ? 18 Abraham dit alors à Dieu : « Si seulement Ismaël pouvait vivre devant Toi » ! 19 Dieu dit : « C'est certain, ta femme Sara te donnera un fils et tu l'appelleras Isaac. J'établirai mon Alliance avec lui comme une Alliance perpétuelle pour sa descendance après lui. 20 En ce qui concerne Ismaël, Je t'ai exaucé : Je le bénirai, Je le ferai proliférer et Je le multiplierai considérablement. Il aura pour fils douze princes et Je ferai de lui une grande nation. 21 Cependant, mon Alliance, Je l'établirai avec Isaac, le fils que Sara te donnera à cette époque-ci de l'année prochaine ». 22 Lorsqu'il eut fini de lui parler, Dieu s'éleva au-dessus d'Abraham.*

### **Toriteny 2 : – Prédication 2 : Ny Teny Fikasan'Andriamanitra ho an'i Abrama – Les Promesses de Dieu pour Abram :**

#### **Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :**

- ho an'ny marary - pour les malades : mba – pour que :
  - hanaiky ny Antson'Andriamanitra hiantorahany Aminy mandrakariva izy ireo ka handray hery amin'ny fanatrehan'ny Tompo – ils acceptent l'Appel de Dieu pour qu'ils s'accrochent à Lui afin de profiter de sa Présence

- hinoany ny Famonjen'Andriamanitra ka hankasitrahany Azy amin'ny fitsaboana raisiny – *ils accordent la foi dans le Salut de Dieu et qu'ils Le louent pour le soin qui leur est donné*
- ho an'ny mpitsabo – *pour les soignants* : mba – *pour que* :
  - hahalalany fa mpiara-miasa amin'Andriamanitra izay manamasina ny asany izy – *ils savent qu'ils sont des collaborateurs de Dieu qui sanctifie leur travail*
  - hanaikeny ny Antson'ny Tompo hiara-miasa Aminy mba hitondra fanasitranana – *ils acceptent l'Appel de Dieu pour œuvrer avec Lui afin d'apporter la guérison*
- ho an'ireo vao namoy havana akaiky – *pour ceux qui viennent de perdre un proche* : mba – *pour que* :
  - hanaikeny ny fandaharan'Andriamanitra eo amin'ny fiainany – *ils acceptent la décision de Dieu dans leur vie*
  - hanaikeny ny fanatrehan'i Jesosy Tompo azy ireo amin'izao fotoam-pitomaniana izao ka hitraka hijery ny Mpamonjy ka hahita ny Voninahitr'Andriamanitra ao amin'i Jesosy Kristy Tompo – *ils acceptent l'accompagnement du Seigneur Jésus dans ces moments de douleur afin de pouvoir relever la tête pour apprécier la Gloire de Dieu en Jésus-Christ le Sauveur*

### Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

#### Hira (Cantique) 765, 3-4 : Henoy ny Antson'ny Tompo :

3. Inty, ry Tompo malala, izaho ho irakao,  
Nofo ka misalasalaha raha toa tsy tohananao.  
Ny foko omeo fahendrena hanao ny sitrakao,  
Ny saiko mora mivena : fenoy ny hasoavanao.
4. Vonona ka hamasino hanefa ny irakao,  
Eny, ry Tompo, vimbino, handia ny lalanao.  
Saroitra nefa hataoko ny osa atolotrao,  
Ny sitra-po dia hafoiko, tohana ny herinao.

### FIZARANA 3 – PARTIE 3

#### Teksta 3 – Texte 3 : Gen. 12, 4-5 / Gen. 17, 9-14 + 23-27 :

##### Genesisy 12, 4-5 :

4 Dia nandeha Abrama araka izay efa nolazain'Ny TOMPO taminy ary Lota koa mba niaraka taminy. Ary efa dimy amby fito-polo taona Abrama raha niala tao Harana izy.

5 Ary Abrama nitondra an'i Saray vadiny sy Lota zana-drahalahiny mbamin'ny fananan'izy rehetra izay efa nohariny sy ny olona izay efa azony tao Harana. Dia niainga izy ireo hankany amin'ny tany Kanana, ka tonga tany amin'ny tany Kanana izy.

*4 Abram partit conformément à la parole de l'Eternel, et Lot partit avec lui. Abram était âgé de 75 ans lorsqu'il quitta Charan. 5 Il prit sa femme Sarai et Lot, le fils de*

*son frère. Il prit aussi tous les biens et les serviteurs dont ils étaient devenus propriétaires à Charan, et ils partirent pour se rendre dans le pays de Canaan, où ils arrivèrent.*

Genesisy 17, 9-14 + 23-27 :

9 Dia hoy Andriamanitra tamin'i Abrahama : « Fa ny aminao kosa, dia hitandrina ny Fanekeko ianao, dia ianao sy ny taranakao mandimby anao hatramin'ny taranaka fara mandimby. 10 Ary izao no fanekeko ho Amiko sy ho aminareo sy ny taranakao mandimby anao, dia izay hotandremanareo : hoforana ny lehilahy rehetra eo aminareo. 11 Dia hoforana ianareo, ary ho famantarana ny Fanekena ho Amiko sy ho aminareo izany. 12 Ny zazalahy teraka havalohana eo aminareo no hoforana, dia ny lehilahy rehetra amin'ny taranakareo hatramin'ny fara mandimby na ny ompikely. na izay novidim-bola tamin'ny hafa firenena ka tsy avy amin'ny taranakao. 13 Tsy maintsy hoforana ny ompikelinao sy izay novidinao vola. Ary ny Fanekeko dia ho ao amin'ny nofonareo ho fanekena mandrakizay. 14 Ary ny lehilahy tsy voafora, izay tsy mbola noforana, dia hofongorana tsy ho amin'ny firenena : efa nivadika ny Fanekeko izy ».

*9 Dieu dit à Abraham : « Quant à toi, tu garderas mon Alliance, toi et tes descendants après toi au fil des générations. 10 Voici quelle est mon alliance, celle que vous garderez entre moi et vous, ainsi que ta descendance après toi: tout garçon parmi vous sera circoncis. 11 Vous vous circoncirez et ce sera un signe d'alliance entre moi et vous. 12 A l'âge de 8 jours, tout garçon parmi vous sera circoncis, et ce à chacune de vos générations, qu'il soit né chez toi ou qu'il ait été acheté à un étranger, en dehors de ta descendance. 13 On devra circoncire celui qui est né chez toi et celui que tu as acheté. Mon Alliance sera inscrite dans votre chair comme une alliance perpétuelle. 14 Un homme incirconcis, qui n'aura pas été circoncis dans son corps, sera exclu de son peuple : il aura violé mon Alliance».*

23 Koa dia nalain'i Abrahama Isimaela zanany sy ny ompikeliny rehetra mbamin'izay rehetra novidiny vola dia ny lehilahy rehetra tao an-tranony, dia noforany androtrizay indrindra ireo araka izay nolazain'Andriamanitra taminy. 24 Ary efa sivy amby sivi-folo taona Abrahama, raha noforana izy. 25 Ary efa telo ambin'ny folo taona Isimaela zanany, raha noforana izy. 26 Androtrizay indrindra no namorana an'i Abrahama sy Isimaela zanany. 27 Ary ny lehilahy rehetra tao an-tranony, dia ny ompikely mbamin'izay novidim-bola tamin'ny hafa firenena, dia samy niara-noforana taminy avokoa.

*23 Abraham prit son fils Ismaël, ainsi que tous ceux qui étaient nés chez lui et tous ceux qu'il avait achetés, tous les hommes parmi les membres de son foyer, et il les circoncit le jour même, conformément à l'ordre que Dieu lui avait donné. 24 Abraham était âgé de 99 ans lorsqu'il fut circoncis. 25 Quant à son fils Ismaël, il était âgé de 13 ans lorsqu'il fut circoncis. 26 Le jour même, Abraham fut circoncis, ainsi que son fils Ismaël, 27 et tous les membres de son foyer, qu'ils soient nés chez lui ou aient été achetés à des étrangers, furent circoncis avec lui.*



**Toriteny 3 : – Prédication 3 : Ny fankatoavana ny Antson'Andriamanitra – La mise en pratique de l'Appel de Dieu :**

**Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :**

- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise* : mba – *pour que* :
  - tsy hahita ny tsy fahatanterahan'ny olona izy fa hitondra ny kristiana eo amin'ny Tompo kosa – *ils ne voient pas les imperfections des autres mais qu'ils les mènent au Seigneur*
  - hanapa-kevitra ny hamaly ny Antson'Andriamanitra hitoriana ny Filazantsaran'ny Famonjena ny zanaky ny Fiangonana rehetra – *tous les membres de l'Eglise répondent à l'Appel de Dieu pour œuvrer avec Lui pour la prédication de son Evangile du Salut*
- ho an'ny Mpitandrina – *pour les Pasteurs* : mba – *pour que* :
  - hahatsapany sy hankatoavany mandrakariva ny fahamasinan'ny Antson'Andriamanitra – *ils savent et qu'ils obéissent toujours à la Sainteté de l'Appel de Dieu*
  - hanaikeny ny hanatanteraka izay ampanaovin'ny Tompo azy na dia tsy tratry ny sainy aza izany – *ils acceptent, sans condition, la mission que le Seigneur leur confie*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 428, 1-2 : Reko izao, ry Tompo :**

1. Reko izao ry Tompo izany antsonao,  
Miantso izany mpanompo mba ho irakao !

Fiverenana :

*Inty ! Inty ! Inty aho Jeso !  
Inty ! Inty ! Iraho ho aho Jeso !  
Ekeko re ny ho miaramilanao  
Ho vonona hanao ny sitrakao, ka iraho !*

2. Ô, diovy Tompo izany molotro !  
Ka ny fo madio hanompo no atolotro.

**FANDRAVONANA – CONCLUSION :-**

**Teksta – Texte : Sal. (Ps.) 37, 3-7 + 22-24 + 29-34 :**

3 Matokia Ny TOMPO ianao ka manaova soa, dia honina amin'ny tany ianao ka ho faly amin'ny fahamarinana. 4 Ary miravoravo amin'Ny TOMPO ianao, dia homeny anao izay irin'ny fonao. 5 Ankino amin'Ny TOMPO ny lalanao ary matokia Azy, fa hataony tanteraka. 6 Ary hampiseho ny fahamarinanao tahaka ny mazava izy, ary ny rariny ho anao tahaka ny mitataovovonana. 7 Miantombena tsara miandry Ny TOMPO ianao ka manantenà Azy

*3 Confie-toi en l'Eternel et fais le bien, aie le pays pour demeure, et que la fidélité soit ta nourriture! 4 Fais de l'Eternel tes délices, et il te donnera ce que ton coeur désire. 5 Recommande ton sort à l'Eternel, mets ta confiance en lui, et il agira: 6 il fera paraître ta justice comme la lumière, et ton droit comme le soleil en plein midi. 7 Garde le silence devant l'Eternel et espère en lui, ne t'irrite pas contre celui qui réussit dans ses entreprises, contre l'homme qui réalise ses méchants projets !*

22 Fa izay tahiny no handova ny tany ary izay ozoniny kosa no hofongorana. 23 Avy amin'Ny TOMPO no mahalavorary ny dian'ny olona, ka Izy no mankasitraka ny lalany. 24 Na dia lavo aza izy, tsy dia mikarapoka, fa Ny TOMPO no mitantana azy.

*22 Car ceux que l'Eternel bénit possèdent le pays, et ceux qu'Il maudit sont exterminés.*

*23 L'Eternel affermit les pas de l'homme, et il prend plaisir à sa voie : 24 s'il tombe, il n'est pas rejeté, car l'Eternel lui prend la main.*

29 Ny marina handova ny tany ka honina ao aminy mandrakizay 30 Ny vavan'ny marina miresaka fahendrena ary ny lelany manambara ny rariny. 31 Ny Lalàn'Andriamaniny no ao am-pony : tsy mba ho solafaka ny diany. 32 Mitsikilo ny marina ny ratsy fanahy ka mitady hahafaty azy. 33 Ny TOMPO tsy hahafoy azy eo an-Tanany, na hanameloka azy raha tsaraina izy. 34 Miandrasa Ny TOMPO ka tandremo ny Lalàny, dia hanandratra anao handova ny tany Izy. Ho faly hahita ny hamongorana ny ratsy fanahy ianao.

Amen !

*29 Les justes posséderont le pays et ils y demeureront définitivement. 30 La bouche du juste annonce la sagesse et sa langue proclame la justice. 31 La loi de son Dieu est dans son coeur, ses pas ne faiblissent pas. 32 Le méchant épie le juste et cherche à le faire mourir, 33 mais l'Eternel ne le livre pas entre ses mains et Il ne le laisse pas condamner quand il est jugé. 34 Espère en l'Eternel, suis ses Commandements, et Il t'élèvera pour que tu possèdes le pays, tandis que tu verras les méchants exterminés. Amen !*

### **Hira (Cantique) 428, 3-4 : Reko izao, ry Tompo :**

3. Tsy andeha irery fa hiaraka Aminao !  
Ka dia mba omeo ny Hery sy Fanahinao.

Fiverenana :

*Inty ! Inty ! Inty aho Jeso !  
Inty ! Inty ! Iraho ho aho Jeso !  
Ekeko re ny ho miaramilanao  
Ho vonona hanao ny sitrakao, ka iraho !*

4. Reko izao ny toky hoe : "Momba ahy ianao"  
Ry Jesosy Tompo sy Zoky, vonona aho izao !

### **Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.

Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,*

*Que ton Nom soit sanctifié,*

*Que ton Règne vienne,*

*Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.*

*Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.*

*Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.*

*Et ne nous soumet pas à la tentation mais délivre-nous du mal.*

*Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

**Hira (Chant) AMF :** Andeha isika hiaraka hihaino hiran'ny chorale iray indray - *Je vous propose d'écouter un autre chant chorale : HO IRAKA (CU 2014)*

**Tso-drano - Bénédiction : 2 Tes. 3, 16 :**

Ary ny Tompon'ny Fiadanana anie hanome anareo Fiadanana mandrakariva amin'ny zavatra rehetra ! Ho aminareo rehetra anie ny Tompo ! Amen ! - *Que le Seigneur de la Paix vous donne, Lui-même, la Paix en tout temps et de toute manière ! Que le Seigneur soit avec vous tous ! Amen !*

**Fanirahana - Envoi :**

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana. Isaorana anie Andriamanitra. Amen ! *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendue à Dieu. Amen !*